# Lesona 5: Mamirapiratra Ao Anatin'ny Alina

### Tonon-kira: Mifalia mandrakariva – 1 Tesaloniana 5:16-18, Filipiana 4:6

## A. Miara-miasa amin'Andriamanitra

1.Filipiana 2:12 Inona no fehin-kevitra diso mety ho tonga ao an-tsainao amin'ny famakiana ity andininy ity fotsiny?

2.Ampitahao ireto fijoroana vavolombelona ara-tsindrimandry manaraka ireto nataon'io mpanoratra io ihany (ny Apostoly Paoly): Efesiana 2:8-9, Romana 3:23-24, 5:8.

3.Ahoana no anampian'ny Filipiana 2:13 antsika hahatakatra ny fanehoan-kevitry ny Apostoly Paoly voarakitra ao amin'ny and.12?

4. Nahoana no tena zava-dehibe ho antsika ny mamela an'Andriamanitra hiasa ao amintsika araka ny sitrapony?

## B. Mazava toy ny jiro ao anatin'ny tontolo maizina

1. Filipiana 2:14 Ahoana no ahafahana manao ny zavatra rehetra tsy amin'ny fimonomonomana sy fifandirana?
2. Filipiana 2:15 Ny Apostoly Paoly dia mamaritrany kolontsaina Filipiana ho "firenena meloka sy maditra." Ahoana no hamaritan'ny mpaminanin'Andriamanitra ny kolontsaintsika ankehitriny?
3. Filipiana 2:15-16 Ahoana no ahafahan'ny asan'Andriamanitra ao anatintsika sy amin'ny alalantsika hahatonga antsika hazava toy ny jiro ao anatin'ity tontolo maizina ity? (jereo koa ny Jaona 8:12, Mati5:14-16)

## D. Fanatira Velona

1. Filipiana 2:17-18 Inona no hevitry ny hoe aidina toy ny fanatitra velona? (jereo koa 2 Timoty 4:6)
2. Aiza ao amin'ny Soratra Masina no ahitantsika antso mba hanolotra ny fiainantsika ho fanatitra velona ho an'Andriamanitra? Romana12:1-2
3. Inona no torohevitra homenao ny olona iray izay miteny hoe: “Matahotra aho ny hanolotra tanteraka ny fiainako ho an'Andriamanitra”?

## E. Ohatra ny amin'ny fahazavana

1. Timoty: Filipiana 2:19-24 Inona avy ireo teny miabo nozarain'ny Apostoly Paoly momba an'i Timoty? (jereo koa Timoty 1:3-7, 1 Timoty 2:15-16)
2. Epafrodito: Filipiana 2:25-30 Inona no azontsika ianarana momba an'i Epafrodito avy amin'ny anarany sy ireo teny miabo nozarain'ny Apostoly Paoly momba azy?
3. Jiro mazava anio: Zarao ny fotoana izay nahitanao ny fahazavan'i Jesosy namirapiratra teo amin'ny mpanara-dia Azy iray.
4. Nahoana no zava-dehibe ny manao teny miabo sy mampahery ho an'ny Kristiana hafa rehefa mahita ny fahazavan'i Jesosy mamirapiratra eo amin'izy ireo isika?
5. Nahoana no mampidi-doza ny mandinika tsy tapaka ny tenantsika mba hahitana raha toa mamiratra eo amintsika ny fahazavan'i Jesosy? Hebreo12:1-2
6. Inona avy ireo lesona manan-danja nianaranao tamin'ny fianarantsika androany?